



MIOMBO-PO SY MIARA-ORY AMIN'IREO RAY AMAN-DRENY NAMOY NY MENAKY NY AINY IZAHAY ETO AMINY MADAGATE.ORG

**Gina ny tena, tsy mahita zavatra hosoratany mihitsy eo anatrehan'ny loza tsy roa aman-tany niseho tamin'iny andron'ny 29 Avrily 2016 iny. Satria mba ray aman-dreny be ihany tena ary tsy misy sedra mafy eto an-tany noho ny fandevenana zanaka izay. Indrindra fa no ny tsy fitandreman'ny sasany. Koa dia ireo lahatsoratra nataon'ireo nanama ao amin'ny gazety *"Sakamalaho"* sy *"Inona no Vaovao"* no nindramiko satria aminy teny malagasy izy ireo, mba afantaran'izao tontolo izao ny tena zava-nitranga marina. Inona ny fepetra enjana ho raisin'ity fitondrana ity mba tsy hiverenan'izao loza be izao intsony? Tokony manokana andro iray izy aloha ho fisaonam-pirenena sady ny filoha Rajaonarimampianina toa nandalo teny amin'ny hopitaly HJRA. Fa aefako eto koa ny horonam-peo mirakitra ny fanambaran'ireo olo-tsotra eo anatrehin'ireo loza mahatsiravina ireo. Mila miandry aloha-**
Jeannot Ramambazafy




************************



SAKAMALAHO

*ndao ndray hitàta !*

GAZETY MIVOAKA ISAN'ANDRO • Laharana 0070 • ASABOTSY 30 AVRILY 2016 VIDINY : 300 AR

NANDRIAKA NY RA



Takila 3

OLONA 12 MATY TSY TRA-DRANO TENY AMIN'NY DIGY SY MAHITSY



3 Laharana 0070 • Asabotsy 30 avrily 2016

Nandriaka ny ra

# Olona 12 maty tsy tra-drano teny amin'ny Digy sy Mahitsy

Loza iray, loza roa ! Namono olona ny fiara fitaterana roa samihafa teny amin'ny Digy sy tany Mahitsy. Taksiben'Ivato ny iray, nahafaty olona dimy ary fiara nitondra mpianatra ny iray, namoizana zaza enina.

■ NFR

Lozam-pifamoivoizana mahatsiravina ! Aina marobe no indray nafoy tao anatin'ny indray andro monja. Olona dimy no maty teo noho eo, teny amin'ny lalana Digy, omaly. Am-polony kosa no naratra. Fiara *"Sprinter"* iray miasa amin'ny zotra mampitohy an'Ivato sy ny Renivohitra no nifanao katro-doha tamin'ny taksiben'Ambohitrimanjaka. Raha ny filazan'ireo nanatri-maso, vokatry ny tsy fitandreman'ny mpamily no nitarika ity loza namoizana ain'olona maro ity. Voalaza fa nandeha mafy sady mbola nisongona ny fiara teo anoloany ilay "Sprinter" nihazo an'Ivato. Nifanehatra tampoka tamin'ilay taksibe iray avy any Ambohitrimanjaka nikasa hamonjy ny Renivohitra ilay fiara. Mafy ny fifandonana teo amin'ny roa tonta. Antony nahamaro ny olona maty tsy tra-drano sy ireo naratra izany.

Rehefa avy nandona ilay fiara mpitatitr'Ambohitrimanjaka ity *"Sprinter"* ity, dia nivadika avy hatrany teo amin'ny sisin-dalana. Fantatra fa tsy nisy maty tao anatin'iry voalohany, fa olona telo kosa no naratra. Tapaka kosa anefa ny tongotry ny mpamiliny. Tao amin'ilay taksiben'Ivato ireo dimy namoy ny ainy. Raha ny fanazavana azo, nandositra avy hatrany ny mpamilin'ity farany raha vantany vao niseho ny loza, ka tsy hita izay nalehany. Naterina teny amin'ny hopitaly ireo naratra.

*Toy izao sisa ilay taksiborosin'Ambohitrimanjaka nofaohin'ny taksiben'Ivato.*

Sary : HeRRa

**Nandriaka ny ra...**

Ra nandriaka koa ny teny Mahitsy, omaly hariva tokony ho tamin'ny 4 ora tolakandro. Fiara "Sprinter" nitondra mpianatra avy nitsangantsangana teny Andranovelona koa no nivarina tany anaty hantsana. Nikasa hitodi-doha hiverina teto Antananarivo izy ireo no tra-doza teo Andohamasina PL 31+400. Zaza enina no nambaran'ny zandarin'i Mahitsy fa namoy ny ainy teo noho eo. Maty niaraka tamin'izy ireo koa ny resevera. 33 kosa no naratra mafy ka mpampianatra ny iray.

Araka ny loharanom-baovao hafa, nifanenjika tamin'ny fiara iray koa ilay mpamily tamin'io fotoana io. Nirimorimo fatratra izy, saingy tsy nahatam-pamiliana, hany ka nivarina an-kady. Rehefa nitranga ny loza, nody adala ka lasa nandositra ilay saofera. Araka ny vaovao azonay farany anefa, voasambotra ihany izy. Voalaza fa mpianatry ny sekoly *« Le Pépite d'Or »* eny Ambohimanarina ireto lasibatry ny tsy fitandreman'ny mpamily ireto.■

**********************************


Inona no Vaovao

« Izay mahara-baovao, tia fandrosoana »

Sabotsy 30 avrily 2016 | N°- 2059 | 200 Ariary

Mpamily manaonao foana

# Ain ' olona

# 12 no nafoy

Inona no Vaovao — Sabotsy 30 avrily 2016 — Tranga

Hetraketraky ny mpamily

## Niampatrampatra ny faty teny amin ' ny lalana Digy

**Nijininika ny ra teny amin ' ny lalana Digy, omaly. Mpandeha maro no naratra ary tafakatra dimy ireo namoy ny ainy, araka ny fanangonam - baovao voaray. « Sprinter » izay taksiben ' Alakamisy hihazo an ' Ivato no nifatratra tamin ' ny taksiben ' Ambohitrimanjaka.**

Mpandeha am - polony no naratra mafy ary tafakatra dimy ireo namoy ny ainy. Io no vokatry ny lozam - piarakodia niseho teny amin' ny lalana Digy omaly tamin' ny 5 ora maraina. « Sprinter » taksiben' Ivato nirimorimo fatratra no nifaoka ny taksiben' Ambohitrimanjaka. Nifampisokirana ireo mpandeha tao anatin' ireo fiara fitateram - bahoaka roa ireo. Ireo olona efatra tao anatin' ilay « Sprinter » no nipitika tafavoaka ny fiara ka maty tsy tra – drano noho ny hamafin' ny fifandonana. Ny iray kosa tany amin' ny hopitaly no tapitra ny ainy. *« Avy any Andohatapenaka ilay Sprinter no nandeha mafy be mihitsy. Nanenjika ilay namany teo alohany ary teo am - pisongonana izany izy no nifaoka ilay taksiben' Ambohitrimanjaka. Rehefa avy nifaoka io izy dia tsy tafajanona teo fa tany an - tanimbary no nifatratra ary nivadika ambony ambany, ka ny kodiarana no lasa ambony »*, hoy ny fitateran' ireo mpandeha niharan - doza tao anatin' io taksiben' Alakamisy io. *« Efa nazava tsara ny andro ary efa nandefa fampitandremana tamin' ny jiro aho raha nahita ireo taksibe nifanenjika ireo, fa mbola nisisika ihany ilay nanenjika ka nidona taminay ary nivarina tany an - tanimbary nony avy eo »*, hoy Ra - Jean Marie, mpamily amin' ilay taksiben' Ambohitrimanjaka. Ity farany izay voatery nosokirina tao anaty fiara fa tery teo anelanelan' ny seza sy ny familiana. Tapaka ny tongony havia ary naratra ihany koa ireo mpandeha roa nipetraka teo akaikiny.

### Nitsoaka ny mpamily

Potika tanteraka ny lohan' ilay taksiben' Ambohitrimanjaka noho ny fifandonana mafy loatra. Ny ilany havian' ilay « Sprinter » sy ny tafony ihany koa dia potika tanteraka. Nosokirin' ny olona teny an - toerana ireo mpandeha latsaka tao anatin' ilay tanimbary ary anisan' izany ilay mpamily. Raha mbola somokotra tamin' ny famonjena ireo niharam - boina sy ireo namoy ny ainy ny olona teny amin' ny manodidina no nitsoaka ilay mpamily. Noho ny tahotra ny haran' ny fitsaram - bahoaka tamin' ny zava - bitany no nahatonga azy nandray io fepetra io. Efa fantatra anefa fa nitolo - batana tany amin' ny mpitandro filaminana avy hatrany ny tenany. Eo am - panaovana ny fanadihadiana ny momba azy sy ny antony nahatonga ny loza ny Polisy misahana ny lozam - pifamoivoizana. *« Tena mampiferinaina ny mpandeha amin' ny afitsok' ireo mpamilina Sprinter ao amin' ireo zotra D miasa eny aminay. Tsy afa - manoatra anefa izahay. Tsy afaka misafidy satria sahirana vao mahazo taksibe ny maraina sy ny amin' ny hariva. Tokony hampiofanina manokana mihitsy ny mpamily sy ny resevera mba hisorohana ny famonoana olona tampoka toy izao »*, hoy ny mpandeha iray.

**Willys F.**

Fahadisoan ' ny mpamily

## Mpianatra miisa 6 namoy ny ainy

Mpianatry ny sekoly tsy miankina eto an - dRenivohitra miisa enina no namoy ny ainy, omaly tamin' iny lalan' i Mahitsy iny. Sekoly avy nanao « voyage d'étude » tamin' iny toerana iny ireto ankizy mpianatra ireto no izao tra - doza izao. Voalaza fa nandray zava - mahamamo ilay mpamily. *« Nitsoaka ilay mpamily io rehefa niseho ny loza. Raikitra ny fifanenjehana ka tratra ihany ilay ranamana. Heno tamin' izany fa nisy fofon - toaka izy. Efa eo am - pelatanan' ny manampahefana izy amin' izao »*, araka ny fanazavan' ny manampahefana momba ity raharaha ity. Raha ny fanazavana kosa, nisongona ny fiara namany ity mpamily ity ka teo no niseho ny loza. *« Avy hatrany dia nivarina tany an - kady ilay fiara. Nisy ny naratra ary ny fanimpitony amin' ireo namoy ny ainy dia olon - dehibe izay heverina fa reseveran' ilay fiara ihany »*.
Omaly hariva ihany dia efa tonga nitsidika an' ireo naratra teny amin' ny hopitaly ny Fitondram - panjakana notarihin' ny Filoha Rajaonarimampianina.

**R. T.**